
# ALAHADY FAHA 31 MANDAVANTAONA - A




## *TOETRA MAHITSY SY MANETRY TENA NO ILAINA*

## *HANOMPOANA NY EGLIZY*

Ry Kristianina havana, miroso hatrany tokoa isika amin'izao fiaingana vaovao izao, izao depart vaovao izao ao anatin'ny Pantekoty Vaovao ka hahatonga antsika hivelona ny teny fanevan- ny Sinaody faha-7 EGLIZY OLO VELOMIN'NY BATEMY MIARA-DIA MIOMBONA MANDRAY AN-TANANA IRAHINA HO MISIONERA, TABERNAKLA VELONA. Isaorana Andriamanitra fa nahavita ny fijanonana roa isika izao ka miroso hatrany ny dia. Ny fijanonana voalohany no nandinihantsika ny "fianakaviana Eglizy kely miara-mivavaka miara-mandalina ny finoana". Ny fijanonana faharoa vao natrehintsika kosa izay tena miditra lalina amin'ny fiainantsika dia ny Eglizy kely miara-manaja, miaro, mikolokolo ny zava boahary…. Mitaky fahavonona ho antsika vita batemy izany mba hahatonga antsika ho IRAKA tokoa vonona mikatroka, miasa araka ny resaka nifanaovana ka zary fanasina sy fahazavana fa indrindra amin'izao vanim-potoana sarotra iainantsika izao izay mitaky fampivoarana hiadiana amin'ny fiovan'ny toetr'andro, hahatonga antsika handray an-tanana ny velon-tenan'ny Eglizy. Tsy hadino koa fa tena mila vavolombelona fa tsy mpitoriteny izao andro izao hoy isika matetika. Raha mihaino mpitoriteny ny olona dia

**Vakiteny I :** Ml. 1, 14b – 2, 2b. 8-10
**Tononkira :** Salamo 130
**Vakiteny II :** 1 Tes. 2, 7b-9. 13
**Evanjely :** Mt. 23, 1-12

satria mivelona ny teny toriny ireo mpitoriteny. Manana ohatra velona isika amin'izany dia i Kristy, manana ny toetra maha Andriamanitra azy izy kanefa nataony tsinontsinona, nietry tena izy ary naneho izany tamin'ny mpiara-belona. Raha amin'ny teny hafa ary efa naverintsika teto dia aoka hanao ny asan'Andriamanitra isika ka Andriamanitra hanao ny asantsika izany hoe samy vonona hanao ny marina, vonona hahafoy, vonona hanompo….

Manohy izany rehetra izany ny foto-kevitra tian'ny Eglizy ho raisintsika amin'izao Alahady faha-31 mandavantaona izao dia tsy inona fa ilay toetra mibaribary ao amin'i Kristy dia ny toetra feno fahamarinana sy mahitsy fo ary feno fanetren-tena izay ilaina tokoa raha te ho mpanompo tahaka an'i Kristy isika.

I Kristy no modely fototra sy lasitra ho antsika, izany no mahatonga antsika ho Kristy mpiara-belona amin'ny olona ho EOV. Nivelona an'izany koa i Masina Maria ka modely ho antsika, feno fanetren-tena izy, ohatra tsara tadidintsika ny nataony raha nanompo ny rahavaviny Elizabeta izy nandritra ny enim-bolana. Toy izany koa i Md Josefa, lehilahy marina, mpandrafitra no anarany ary nanompo ny fianakaviana masina izy, raim-pianakaviana azo itokisana izy.

Manana ohatra velona koa isika ary malagasy iray rà amintsika niaina izany fanompoana sy fanetren-tena izany : i Victoire Rasoamanarivo, i Lucien Botovasoa izay martiry noho izy feno fanetren-tena sy nanompo, Rabefihavanana no niantsoana azy.

Io toetra mahitsy sy manetry tena io no ilaina hanompoana ny Eglizy izay hahatonga antsika ho Kristy mpiara-belona amin'olona. Izany no hafatra lehibe androany Alahady faha-31 mandavantaona ary ambaran'ireo vakiteny telo amintsika.

Ny vakiteny voalohany, bokin'i Malakia mpaminany, dia milaza mivantana amin'ireo tompon'andraikitra hanasoa ny hafa fa ilaina io toetra feno fahamarinana sy fahitsiana io. Angamba raha misy vanim-potoana tokony hanakoako ao am-pon'ireo manam-pahefana, ireo mpanao politika dia io hafatr'I Malakia Mpaminany io amin'izao vanim-potoana iresahana be mikasika ny fifidianana sy propagandy izao. Tena milaza ny zava-misy I Malakia ka tsy mihambahamba mananatra ary manome tsiny aza izy manao hoe : *"Raha tsy henoinareo sy tsy rototra ianareo ny hanome voninahitra ny Anarako, hoy ny Tompon'ny tafika, dia handefa ozona hamely anareo Aho"*

Anatra ho antsika izany ry Kristianina havana, aoka tsy hihatsara velatsihy isika eo amin'ny fiainantsika. Tsy mety raha hafa ny lazaintsika, hafa ny ataontsika ka manamboamboatra ny zavatra atao. Aoka isika haneho amin'ny fiainantsika ny maha-Kristianina antsika. Aoka isika hahay hampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro. Ny teny manaitra fa ny atao no mahasarika ary izay no mahatonga antsika ho Kristy mpiara-belona amin'olona araky ny ataontsika.

Ilaina ny teny kanefa tsy izany no tanjona satria araka ny averimberintsika taorian'ny Sinaody: "aoka tsy mijanona ho slogan… mila manao action isika mba tsy ho resabe fotsiny". Aoka ny ataontsika raha tiantsika ny hivelona ny hoe Kristy mpiara-belona amin'olona no hanehoantsika ny finoantsika. Izany no nahatonga an'i Jesoa nananatra an'ireo mpihaino azy raha nahita ny nataon'ireo mpanora-dàlana sy Farisianina ka hoy izy tamin'ireo manodidina azy teo hoe: *"Efa mipetraka eo amin'ny toeran'i Môizy ny mpanora-dalàna sy ny Farisianina; ka ataovy sy araho izay rehetra lazainy aminareo, fa aza maka tahaka ny ataony, satria milaza fotsiny izy fa tsy manao."*

Ry Kristianina havana, aza milaza fotsiny isika eo am-pivelomana ny maha-Kristianina antsika fa aoka hampihatra, aoka ho tanterahintsika izay rehetra tenenintsika. Ny tsy fampiharana an'izany no mahatonga ilay fitenintsika hoe : *mivavaka Alahady fa (mangalatra akoho Alatsinainy) manao an'izao rehefa Alatsinainy*. Aoka hifanaraka amin'ny fivavahantsika sy maha-Kristianina antsika ny fiainantsika, hifanaraka amin'ny teny avoakantsika ny ataontsika. Io no mahatonga an'i Jesoa niteny an'ireo Farisianina satria tsy mifanaraka amin'ny teniny ny ataony ka manome enta-mavesatra ho an'ny olona : *"Fehezin'izy ireo ny zava-mavesatra sarotra entina, dia atainginy eo an-tsoroky ny olona, nefa izy tsy mety hanetsika izany na dia amin'ny rantsan-tanany akory aza".* Marina fa ny tenin'Andriamanitra dia natao ho an'ny olona rehetra, nefa raha miresaka an'izany isika dia tonga ao an-tsaina izahay tompon'andraikitra na ara-pinoana, na ara-drazana na eo amin'ny firenena. Ny ohatra dia tsy maintsy miainga avy aminay kanefa izahay tompon'andraikitra tsy mety manatanteraka izay lazainay. Ny teny tokoa no manaitra fa ny atao no mahasarika. Raha tiantsika ho tanteraka ny teny niverimberina tamin'ny sinaody ihany koa : " *fiovam-penitra mahery vaika*" dia tsy maintsy miseho amin'ny fiainantsika ary avy eo mahasarika ny manodidina fa indrindra mikasika ny fitondran-tena sy fihetsika ara-tontolo iainana. Ilay lazaintsika hanana "réflexe écologique".

Matoa mikoroso fahana ny fiaraha-monina, ny fiainam-pianakaviana, ny fiainana amin'ny Eglizy dia isika ihany no mahatonga an'izany ka mila fibebahana. Izany no lazain'i Jesoa androany amin'ny Evanjely nosoratan'i Matio *(Mt. 23, 1-12)*, ekena fa amin'olon-drehetra izy no miteny saingy nanao antso avo tamin'ireo farisianina sy mpanora-dàlana izy.

Aoka hivavaka mandrakariva isika araky ny hafatr'i Md Paoly tamin'i Timote, hivavaka ho an'ny mpitondra rehetra isika mba tsy hampitondra ny enta-mavesatra ho an'ny vahoaka entiny fa hanasoa sy hanatsara ary hikatsaka izay hahasoa ireo entina ka tsy hampitondra enta-mavesatra azy ireo, ho mpanompo tokoa ary ao anatin'ny fanetren-tena araky ny voalazan'i Jesoa hoe *"Izay lehibe indrindra aminareo dia ho mpanomponareo; fa izay hanandra-tena dia haetry ary izay hanetry tena dia hasandratra".*

Tsy ny voninahitra, tsy ny fisehosehoana no tadiavina, tsy ny hipoerapoera no ilaina fa olona hanatanteraka ny sitrak'Andriamanitra ary isika hifanasoa sy hikatsaka mandrakariva ny fifankatiavana sy ny fampihavanana no sitrany.

Ambaran'i Jesoa antsika ny làlan-kombana, tsy anatin'ny fanandratan-tena fa anatin'ny fanetren-tena sy fahamarinana ka hahatonga antsika ho mpanompo.

Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa milaza tsy mihambahamba " *Tsy ny Evanjelin'Andriamanitra ihany no nirinay homena anareo, fa ny ainay koa aza, satria efa tonga maminay loatra ianareo."* Izany hoe tsy ny Vaovao mahafaly ihany no tonga aminareo fa i Kristy mpiara-belona. Izany koa no tsy maintsy iainantsika amin'izao andro izay mila vavolombelona izao sy hanehoantsika amin'ny fiainana manontolo ny maha zanak'Andriamanitra antsika.

Io voalazan'i Md Paoly io ihany koa dia niainan'i Lucien Botovasoa ka namoizany ny ainy. Enga anie isika koa ho tena mpiara-dia amin'i Jesoa tahaka Azy. Raha misy vanim-potoana tena mahamarina io tenin'I Md Paoly dia izao andro mavesatra tokoa izao ary mitodika amin'ny tompon'andraikitra.

Ry Jesoa Tomponay ô, esory ato aminay ny toetra mieboebo sy mihatsaravelatsihy, enga anie izahay halemy fanahy sy hanetry tena tahaka Anao araky ny vavaka ataonay amin'ny fanokanan-tena amin'ny Fonao masina. Enga anie hanahaka ny fonao tokoa izahay ka ho mpikatroka mafana fo amin'ny fanitarana ny fanjakanao ka ho tonga Kristy mpiara-belona amin'olona tokoa. Mitodika aminao izahay ry Masina Maria Reny mba hanana fiainana mahitsy ho lavitra ny fihatsaram-belatsihy ary vonona mandrakariva hanao ny sitrak'Andriamanitra tahaka anao. Md Josefa, maro ny fijaliana atrehin'ny fianakaviana ary misy aza ny mivary lavo, mivavahà ho anay mba ho afaka hiarina feno fanantenana. Amen

Mompera Arserveka Mgr Benjamin Ramaroson